Fifidianana
## Latsaka ao anaty fotaka mandrevo Rajoelina 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 18 septambra 2018 Laharana 815 Vidiny : 400 Ar


**Isaia 61: 4** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 13 septambra 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Filoha Marc Ravalomanana N° 25 tao Antsirabe sy Ivato** 2 4 8

# Hamerina amin'ny laoniny ny fiainan'ny vahoaka Malagasy





**LTP DZAMANDZAR NOSY-BE** 3

### Nahazo connexion internet mandritra ny 2 taona tamin'ny Fondation Telma



**Bakalorea 2018** 6

### Voahilika ankolaka ireo jamba 9 mianadahy

**Lozam-pifamoivoizana** 6

### Potika ny lohan'ilay rangahy voahitsaky ny fiara

**CRAM** 3

### Manolotra soso-kevitra ho fisorohana ny hala-bato

**Daka kely**

Ho very maina fotsiny ireny zavatra zarazarain'ialahy ireny ry Boaikely a !

**Repoblika Federalin'i Alemaina** 2

### Hanome 500 000 euros hanampiana amin'ny fifidianana



### FILOHA MARC RAVALOMANANA N° 25 TAO ANTSIRABE SY IVATO

# Hamerina amin'ny laoniny ny fiainan'ny Malagasy

Tonga maro teo amin'ny tsangam-bato anoloan'ny Gara ny vahoaka maro ao Antsirabe sy ny manodidina nihaino ny kabarin'ny kandidà Ravalomanana Marc laharana faha-25, ao amin'ny biletà tokana, ny sabotsy teo. Nanambara i Dada fa hiasa ho an'ny Malagasy satria kandidàn'ny Malagasy rehetra. Notsiahiviny fa efatra taona izao izy no tafaverina eto Madagasikara, nitsidika faritra maro ka nijery sy nihaino ary variana amin'ny fahasahiranan'ny olona miantsoantso hoe: "vonjeo izahay Dada..!" Tonga ny "25". Misy miteny fa mbola sahirana izy amin'ny firotsahana kanefa efa kandidà ofisialy aho izao, hoy izy. Noho izany, "sérieux" amin'izay ny resaka amin'ny 7 Novambra, hoy ihany izy. Araka ny kabariny ihany koa dia tany amin'ny toerana rehetra nalehany: Toamasina tamin'ny fotoana nandrotsahana ny antontan-taratasy ho kandidà, tany Mahajanga, tao Antanifotsy, tany Morondava dia vory lanona ny vahoaka ary laharana voalohany hatrany izy. Niarahaba ny mpikarakara izy kanefa tsy mbola vita hatreo ny resaka satria tsy maintsy hatao izay haha-mpandresy an'i Dada, hoy ihany izy. Misy eto daholo: fambolena, fiompiana, ronono,…

Tao Antsirabe ihany koa no nanambara voalohany ny kandidà laharana faha-25 fa tsy maintsy miasa miaraka ny rehetra ka ho valin'ny fanontanian'ny olona momba izay hataony ho fanampiana an'i Dada dia ho sokafana ny kaonty any amin'ny banky (compte bancaire) amin'ny anaran'ny Komity Mpanohana an'i Ravalomanana Marc (KMMR). Tsy azo sakanana izay te-hanampy amin'ny fampandaniana an'i Dada hoy izy ka na 100 Ar, na 200 Ar., na 1 000 Ar,… ka rehefa amin'ny fo izany dia raisina avokoa ary tsy maintsy voavalin'i Dada izany. Tsy maintsy manara-dalàna ihany koa anefa. Tsy maintsy mitandrina satria misy ny mpisandoka. Manantena ny kandidà fa ny ao Vakinankaratra no ho mpitarika (pilote) amin'ity kaonty manokana ho fampandaniana azy ity. Nanentana ny vahoaka manerana an'i Madagasikara any amin'ny FokoTIM, KomTIM, DisTIM sy ny any ivelany izy. Nanome toky ihany koa izy fa tsy hivadika amin'ny Malagasy na aiza na aiza. Nampanantena ny kandidà laharana faha-25 fa tsy maintsy miverina amin'ny laoniny ny fiainan'ny Malagasy eo amin'ny lafiny tsy fandriam-pahalemana manerana an'i Madagasikara, ary hamoahany tena ny fanavotana ny Firenena.

- Tsy maintsy hataony izay hihinanan'ny vahoaka Malagasy sakafo. Nanome ohatra an'ireo mpitsoa-ponenana avy any Irak, Ethiopie, Afganistan, sns…, izay mahazo 2 dollars isan'andro ka nahoana ny Malagasy no tsy mba hahazo, hoy izy. Hain'i Dada hoy izy ny mifampiraharaha amin'izany.
- Tsy maintsy hamorona asa ho an'ny tanora eto Antsirabe. Hisokatra ny herinandro manaraka ny orinasa "Feed Mill" ary efa misokatra ny MBS mari-drefy 95.4 Mhz.
- Tsy maintsy hamboarina ny làlana izay potika avokoa amin'izao fotoana izao.
- Tsy hatao ambanin-javatra ny fampianarana ary tsy maintsy hampidirina an-tsekoly ny ankizy, tsy hadino koa anefa ny mpampianatra izay tsy maintsy hampiana mba hahatontosa antsakany sy andavany ny fanabeazana.
- Tsy maintsy hahazo fitsaboana sahaza azy ny Malagasy tsirairay.
- Eo amin'ny sehatry ny fambolena dia tsy maintsy haverina ny fandaharan'asa Programme Sectoriel du Développement Rural (PSDR). Hazan-drano roa sy mofo dimy ny tarehimarika 25, hoy ny kandidà Ravalomanana Marc, tsy manao fampitahana aho hoy izy fa mangataka amin'Andriamanitra mba hahatanteraka ireo programan'asa ireo. Efa nahazo tsodrano avy amin'ny Mpitondra Fivavahana isan-tokony aho hoy ihany izy. Mila fahasahiana, mila manana finoana sy fanantenana ary miasa miaraka rehefa hanangana firenena vanona. Mila serasera mandeha ihany koa. Nandray fitenenana ihany koa ny Ben' ny tanànan' Antsirabe II ka nangataka ny hamerenana ny fitsinjaram-pahefana (decentralisation) mba hihainga any amin'ny Fokontany ny fampandrosoana. Ny depiote kosa nanome toky fa hanohana ny kandidà laharana faha-25 ary hanao izay tratry ny heriny ary tsy maintsy mandresy Dada. Ny alahady teo dia ny vahoakan'Ivato distrikan'Ambohidratrimo indray no nihaona tamin'ny filoha Marc Ravalomanana, na efa maizina sy hariva aza ny andro dia tsy nisy niala ny mponin'Ivato sy ny manodidina, feno hipoka ihany koa ny kianja Miolaka Mamory Ivato nandritra izany.

***Andry Tsiavalona***

Ambatondrazaka

# Hifanome tanana ny tanora hampandany an'i Dada

Taorian'ny ady hevitra isan-karazany teo amin'ireo samy tanora mpanara-dia an'i Dada dia raikitra fa hifanampy ny rehetra mba hampandany azy amin'io fifidianana ho avy io. Fantatra io nandritra ny fihaonana izay notontosaina ny sabotsy lasa teo tao Avaradrova atsimo Ambatondrazaka. Mila miaramientana isika rehetra mba hahazoan'i Dada Ravalomanana Marc, izay mitondra ny laharana faha-25 amin'ny bileta tokana, ny fandresena hoy Ralambomanana Jacquis Liva izay nampiantrano ny fihaonana. Tsy hifidianana loko politika io fa rehefa mitovy hevitra amin'ny ialana amin'izao fahantrana izao dia ndao hiaraka satria tanjona iray ihany. Ny fahalanian'i Dada Ravalomanana amin'io fifidianana io hoy izy no antoky ny fampandrosoana an'i Madagasikara sy hiakaran'ny fari-piainan'ny Malagasy ary indrindra hiverenan'ireo karazan'asa rehetra ho an'ny tanora. Vonona ny handray anjara mavitrika amin'ny fampielezan-kevitra araka izany ny tanoran'Ambatondrazaka ary tsy maintsy atao fantatry ny vahoaka rehetra fa ny laharana faha-25 ao anatin'ny bileta tokana no laharan'ny Filoha Ravalomanana Marc. Hisy ny fanentanana eny ambanivohitra hamphafantarana ny tanora fa ny hany lalan-tokana hialana amin'ny fahantrana dia ny fiverenan'i Dada ho Filoham-pirenena. Na izany aza dia nohamafisin'ny rehetra fa tsy maintsy misy hatrany ny ray aman-dreny hitantana ny dian'ny tanora eo amin'ny fampandehanana ny zavatra atao rehetra satria tsy azo atao ny manao rano dikain'ny zinga eo amin'ny sehatra goavana tahaka izao. Tsy nasiana rahateo ny Filoha fa ny zavatra rehetra hatao dia tsy maintsy teny hierana mba tsy hisian'ny olona mety hitsabaka hanakorontana ny lamina izay hatao.

***Raoul***

Repoblika Federalin'i Alemaina

# Hanome 500 000 euros hanampiana amin'ny fifidianana

Hanampy antsika eto Madagasikara amin'ny fanomanana sy ny fikarakarana fifidianana ny Repoblika Federalin'i Alemaina. Vola mitentina 500 000 euros no harotsaky ny fitondram-panjakana any Berlin ao amin'ny SACEM (Soutien Au Cycle Electoral de Madagascar), na famatsiam-bola ho fanohanana ny fanomanana fifidianana eto amintsika. Vita Sonia omaly ny fifanarahampiaraha-miasa amin'izany teo amin'ny masoivohon'i Alemaina eto amintsika Harald Gerig, sy ny solontena maharitry ny Firenena Mikambana eto Madagasikara, Violette Kakyomya, nitarika ny lanonana kosa ny filohan'ny CENI, Hery Rakotomanana. Nambaran'ny Ambasadaoron'i Alemaina tamin'izany fa dingana ho amin'ny fitoniana eto Madagasikara ny fifidianana sady fanamafisana orina ny demokrasia. Ahafahana miroso hatrany amin'ny fanomanana ny fifidianana izao nataon'ny allemande izao hoy ny filohan'ny CENI Hery Rakotomanana. Ankoatra an'I Alemaina, efa naneho finiavana androtsaka vola amin'ny SACEM koa i Norvège, Frantsa, Suisse, Etazonia, Australie, ny Vondrona Eoropeana, ary i Korea Atsimo. Izao dia maneho hoy ny solontena maharitry ny Fierenena Mikambana eto amintsika, Violette Kakyomya, fa vonona hiara-hiombon'antoka amin'ny Malagasy ny rehetra amin'ny fanomanana ny fifidianana hisian'ny filaminana sy ny fitoniana.

***Isambilo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Ranovola tra-maraina izay lainga afafy amin'ny vahoaka eto

Ny ranovola tra-maraina, hono, no mirarakompana, izay ilazana toe-javatra miseho sy tonga ho azy tsy araka ny eritreretina loatra. Toy izay no zava-mihàtra amin'ny kandidà Andry Rajoelina ankehitriny taorian'ny zava-nitranga tany Frantsa, tamin'ny fihaonany tamin'ireo mpianatra amin'ny lalam-piofanana politika. Niaraha-naheno sy nandre tsara teto amin'ny firenena indrindra teto an-drenivohitra, ny fivoizana ny vaovao tamin'io fihaonana io nataon'ireo haino aman-jery sy mpanao gazety miara-dia sy manohana azy. Nambara tamin'izany fa resy lahatra ireo mpianatra ny amin'ny foto-keviny sy ny programan'asany, raha tsorina fahombiazana no azony. Andro vitsy monja, tsy ampy iray andro akory aza, dia nivoaka ny zava-nisy marina tany Frantsa tany ary niparitaka teto an-toerana tamin'ny alalan'ireo haino aman-jery tsy miandany aminy. Tsy araka ny nampoizin'i Andry Rajoelina sy tsy araka ny kajikajy fanaony toy izay nataony nanomboka niditra tao anatin'ny « pré-campagne »hatramin'izay teto ny zavatra tojo azy iny. Mikasa hanamboamboatra ny tantara hatrany toy izay efa nataony hatrany amin'ny taona 2008 niditra tamin'ny fanonganam-panjakana. Efa maro anefa ny zanak'ity firenena ity na eto an-tanindrazana na any ivelany no mahalala ny tantara marina sy ny zava-nisy teto ary tsy azo avilivily ny sainy. Hirarakompana toy ny ranovola tra-maraina ny lainga nafafy tamin'ny vahoaka teto hatramin'izay. Efa nambara teto amin'ny gazety mandrakariva io resaka olona mpanamboamboatra ny tantara io, fa anisan'ny fositra iray lehibe tena nanapotika ity firenena ity. Ireny olona ireny matetika dia mifandray tendro amin'ny vahiny any ivelany any izay manohana ara-bola azy ary ny setrin'izany avy eo dia fanomezana vahana handroba ny harem-pirenena eto. Misy ireo olona kandidà hirotsaka amin'ny fifidianana filoham-pirenena eto no ao anatin'izany kajikajy maloto izany noho ny fikatsahana tombontsoa manokana ka tsy miahotra hamatotra ny firenena amin'ny geja any ivelany. Mila manara-maso akaiky tanteraka azy ireny ny vahoaka mpifidy mba ho olona araka ny tena ilain'ny firenena tokoa sy hanavotra azy amin'ny lalam-pahamarinana no ho lany amin'ny fifidianana.

***Sôh'son***

## TONONKALO

### "Faly aho tena faly"

Heverinareo ve fa donto tanteraka
Na koa sokajin'ny paiso miveraka,
Ny ankamaroanay vahoaka mpifidy,
Ka tetitetehinareo hovinidy ?

Mahantra izahay nefa aoka hazava:
`Zahay tsy hamerina ny efa nandrava,
No sady tsy mila izay saribakoliny,
Hamboariny hanohy indray ny asan-devoliny.

Tsy ny boaikely maneho fisandratana,
Nefa sokajin-jiolahy hita vatana .
Tena tsy ireny no ilainay haverina,
Na ny efa pahina sy tandalerina.

Fa izahay dia tsy jamba na pahina
Ka ho sodokan'ny kavim-barahina.
Ampy hampisaina sy handraisana lesona,
Ireo hadalana nataon'i Mampiesona.

Fa ny safidinay , tokana ihany.
Tsy mbola hotenenina aloha androany.
Kanefa efa fantatra hatramin'ny omaly
Dia ny kandida " faly aho , tena faly".

***DADAN`i ZINA (13-09-18)***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fifidianana : latsaka ao anaty fotaka mandrevo Rajoelina

Efa mizotra tsy azo ferana mankany amin'ny fifidianana ny fiainam-pirenena amin'izao fotoana izao. Ny Vaomiera Mahaleotena momba ny Fifidianana (CENI), ny praiminisitra, ny vondrona iraisam-pirenena ary ireo kandida, efa resy lahatra ary tsy manaiky ny fanemorana na ny fananganana tetezamita indray dia efa manao fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana avokoa. Samy manana ny endrika itondrany izany anefa ny tsirairay. Ao ireo izay misafidy ny hiditra ao amin'ireny fandaharana manokana karakarain'ny haino amanjery na miankina na tsy miankina ireny. Misy kosa kandidà miisa dimy eo ho eo no mitety faritra mandresy lahatra ny mponina amin'ny fandaharan'asany manoloana ny olana mianjady amin'ny vahoaka. Raha hatomboka amin'ny filohan'ny Repoblika teo aloha ny hetsika dia efa iaraha-mahita ny endrika hanaovany ny fampiezan-keviny mialohan'ny fotoana. Mivoaka amin'ny gazety sy fahita lavitra ny « fotoam-bita ». Tsy manana antontan'isa entina mandrefy ny famakian'ny olompirenena ny gazety mirakitra izany, na ny fanarahana ny fandaharana amin'ny televiziona. Ny endrika faharoa dia ny fametrahana vato fehizoro amin'ny fanorenana fotodrafitrasa na fitokanana fotodrafitrasa izay naraotina namoriana vahoaka. Miainga amin'ny « Fisandratana 2030 » sy fanehoana fa miasa sy mitsinjo lavitra izy. Tsy afaka miandry roambinifolo taona anefa ny tranga mampitondra faisana ny vahoaka toy ny tsy fandriampahalemana izay namoronana anarana tetik'ady isan-karazany sy fizarana kintana sy bokotra kanefa tsy nampiova ny fitaintainan'ny vahoaka na an-tanàn-dehibe na ambanivohitra. Ny vidim-piainana tsy nitsahatra nisandratra avo dia avo isan'andro, tsy voafehiny nandritra ny dimy taona nitondrany. Tsy hitanisa zavatra maro fa ampy hitarafana ny tsy hanomezan'ny maro an'isa ny vatony ho azy. Ambonin'izany dia tsy afaka mampiasa ny fitaovam-panjakana sy ny olom-panjakana izy raha tsy izany dia hihàran'ny lalàna. Ny kandidà faharoa, Rajoelina Andry Nirina, indray dia nihazakazaka mialohan'ny fotoana namafy vola sy nampiasa mpanakanto nisarihana vahoaka nentina nangolena ireo mety hamatsy vola ny tena fampielezan-kevitra. Hita anefa izao fa latsaka ao anaty fotaka mandrevo izy amin'izao fotoana. Manampy trotraka ihany koa ny « Initiative pour l'Emergence de Madagascar » (IEM) izay tsy maharesy lahatra ny vahoaka amin'ny maha vina azy satria kabary tsara lahatra fotsiny no nataony rehefa mamory vahoaka izy. Azo lazaina izany fa lany bala mialohan'ny fotoana ity kandidà mitondra ny laharana-13 ity. Manao be fihavy kosa ny kandidà Ratsiraka larovana Roland satria efa manana traikefa eo amin'ny fitantanana firenena. Azo lazaina fa mahavory olona tokoa izy teny amin'ny « coliséum » teto Antananarivo sy tany Toamasina kanefa tsy ny habetsahan'ny olona no hamaritana ny hifidianana na tsia ny kandidà iray fa miankina indrindra amin'izay lasany teo amin'ny fitantanana sy izay fiantraikan'izany teo amin'ny fiainan'ny mpiarabelona. Anisan'ny mahavory vahoaka miakanjo manga sy fotsy koa ny pastoran'ny antokom-pivavahana Apokalypsy ary ny sabatra entiny miady dia ny famongorana ny kolikoly sy ny fambotriana ny vahoaka amin'ny fanodinkodinana ny volam-bahoaka. Anisan'ny fametsifetsena ny vahoaka koa anefa ny fitakiana ny fahafolon-karena. Tsy manana orinasa ity pastora ity kanefa dia manan-karena sy manontany ny mpanana tokoa. Mbola ny tanàn-dehibe ihany aloha izao no reseny lahatra amin'ny fampisana ny Soratra Masina fa tsy nidina tany amin'ny tanàna madinika na dia renivohitry ny kaominina aza. Ny kandidà farany hanaovana fandinihana dia ny mitondra ny laharana faha-25, Ravalomanana Marc. Renivohitry ny faritany telo no nandalovany hatramin'izao. Satria mandeha fiarakodia hatrany izy rehefa midina any dia tsy mandalo fotsiny amin'ireo tanàna kely fa mitafa sy manadihady ny mponina momba izay zavatra maharary azy ireo, ary mahita fa mijaly fadiranovana ny vahoaka Malagasy. Manome toky hatrany izy fa hamerina amin'ny laoniny ny fiainan'ny Malagasy kanefa mitaky fiaraha-miasa ihany koa satria samy tompon'andraikitra amin'ny fampandrosoana ny Firenena. Tsy mpandroba sy mpandrava ihany koa izy, iarahamahalala izany, fa mpanorina sy mpanangana. Azo inoana fa tsy ho voafitaka intsony ny Malagasy satria efa samy niaina ny kobaka ambava sy ny rononono an-tavy nampihinanana sy nampisotroina azy nandritra ny sivy taona.

***Andry Tsiavalona***

CRAM

# Manolotra soso-kevitra ho fisorohana ny hala-bato

Manolotra soso-kevitra ho fisorohana ny halabato ny CRAM na ny vovonana mpandinika ny amin'ny fanorenana ifotony. Araka ny fantatra hoy ny fanambarana dia tafakatra 9 913 599 ny isan'ny mpifidy voasoratra anarana amin'ny lisipifidianana manerana an'i Madagasikara izay manan-jo hifidy amin'ny 07 novambra 2018 any amin'ny birao fandatsaham-bato miisa 24 852. Ny adidin'ny olom-pirenena vonona hifidy ny Filohan'ny Repoblika vaovao izany dia mijery ny anarany ao anatin'ny lisi-pifidianana, izay tsy azo hovaina intsony araka ny lalàna, any amin'ny Biraom-pokontany sy manamarina ny toerana misy ny biraom-pifidianana handatsahany vato. Mba hiarovan'ny kandidà tsirairay ny safidin'ireo olom-pirenena tonga mifidy azy kosa dia mila manana solontena na « délégué » nahazo fiofanana manokana avy amin'ny antoko politikany sady solontena tsy voavidim-bola isaky ny biraom-pifidianana ireo kandidà miisa 36 mba hialana amin'ny hala-bato na ny hosoka isan-takony. Ny soso-kevitra hialana amin'ny hala-bato hoy ny CRAM dia

- ny fanomezan'ny kandidà ireo ho solontenany (délégué) mandritra ny fanofanana azy ireo ny kopian'ny lisi-pifidianana isaky ny birao fandatsaham-bato izay efa naparitaky ny CENI nanomboka omaly any amin'ny Biraom-pokontany manerana an'i Madagasikara ka mialohan'ny hisokafan'ny birao fandatsaham-bato ny 07 novambra 2018 dia hataony ny fampitahana eo imason'ny rehetra;
- ny fampiasana ny « ranomainty tsy mora fafana » izay tsindrina tsara amin'ny lavo-tondro ny olom-pirenena tonga mandatsa-bato ;
- ny fijeren'ny Filohan'ny Birao fandatsaham-bato sy ireo mpiara-miasa aminy ny lokon'ny bileta tokana alohan'ny handrotsahan'ny olom-pirenena iray izany safidiny izany amin'ny vata fandatsaham-bato sao sanatria tsy mitovy amin'ny noraisiny teo ambony latabatra;
- ny fananan'ny solontenan'ny kandidà laharana finday efa voasoratra any amin'ny Foibe toeran'ny kandidà mba hahazoany mampita ny vaovao marim-pototra raha sanatria misy tranga tsy mifanaraka amin'ny lalàm-pifidianana eo anivon'ny Birao fandatsaham-bato mandritra ny 7 novambra 2018.
- ny fampitana faran'ny izay haingana (en temps réel) any amin'ny Foiben-toeran'ny kandidà tsirairay izay manana solontena ao amin'ny Birao fandatsaham-bato ny fitanana an-tsoratra ny voka-pifidianana tsy misy kosokosoka.

Ny fananan'ny kandidà iray solontena isaky ny birao fandatsaham-bato miisa 24 852 no hahatsapan'ny mpiray tanindrazana fa tena efa vonona hatramin'ny ela hitondra fanovana goavana eto amin'ny firenena ilay kandidà fa tsy sanatria kandidà nitady famatsiam-bola hanaovana fampielezan-kevitra amin'ny karana sy sinoa ary any ivelany ho azy sy ny ankohonany fotsiny, ka miezaka manakorontana ny fanomanana ny fifidianana.

***Nangonin'Isambilo***

## NY TENY FIAINANA



***Ohabolana 13:15***

*Ny fahendrena tsara dia ahazoampitia; fa sarotra ny làlan'ny mpivadika.*

LTP Dzamandzar Nosy-Be

# Nahazo connexion internet mandritra ny 2 taona tamin'ny Fondation Telma

Nahazo connexion internet mandritra ny 2 taona amin'ny fibre optique avy amin'ny Fondation Telma ny Lycée Technique Professionnel na ny LTP any Dzamandzar Nosy-Be, mitentina 17 tapitris Ariary mahery ny teti-bidin'izany fiaraha-miasa izany. Tonga tany an-toerana nanome voninahitra ny lanonana nanasoniavana ny fifanaraham-piaraha-miasa ny ministry ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa Rahantasoa Lydia.
Raha atao ny kajy dia eo amin'ny 714 000 Ar isam-bola eo ny teti-bidin'izao fiaraha-miasa eo amin'ny Fondation Telma sy ny LTP Dzamandzar Nosy-Be izao amin'ny fanomezana io connexion internet ho an'ity Lycée ity io. Izany tetikasa izany dia tafiditra ihany koa amin'ny tetikasa Informatika ho an'ny rehetra izay iarahana amin'ny orinasampifandraisan-davitra Telma, ka hahafahana mahazo fanofanana fototra momba ny asa eo amin'ny sehatry ny TIC na ny teknolojia vaovaon'ny fifandraisana. Noho izay antony izay dia manana fitaovana eo amin'ny asan'ny web designer ny LTP Dzamandzar Nosy-Be, afaka mikojakoja sy manamboatra amin'ny fahasimbana eo amin'ny sehatry ny informatika, misy ihany koa ny eo amin'ny sehatry ny antsoina hoe micro-opérateur amin'ny TIC dia ny cybercafé sy ny multiservice izany, ny receptionniste na mpandray vahiny eo amin'ny sehatry ny fampiantranoana na ny Hotellerie amin'ny fikirakiran'izy ireny ny antsoina hoe logiciel eo amin'ny fizahantany ary misy koa ny electricien câbleur. Nambaran'ny ministry ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa Rahantasoa Lydia nandritra izany fa iraka ataon'ny LTP Dzamandzar Nosy-Be ankehitriny ny fanomezana kalitao eo amin'ny fanofanana ho an'ny tanora any an-toerana arak'ilay teny filamatra ao amin'ny ministera hoe: olo mahay raha tsy very mandeha.
Fifanaraham-piaraha-miasa faha-2 azon'ny LTP Dzamandzar Nosy-Be koa ny fanofanana sy fanatevenam-pahalalana amin'ny TIC ho an'ireo mpampianatra miisa 10 ao amin'ny LTP Dzamandzar Nosy-be natao taty amin'ny Teknet Antananarivo, mpanohana izany programa izany kosa ny UNESCO ary mahatratra hatramin'ny 108 tapitrisa Ar ny teti-bidin'izany programa fanofanana sy fanatevenam-pahalalan'ny mpanabe eo amin'ny TIC izany. Tanjona ny hanomezan'izy ireo fanofanana tsara kalitao eo amin'ny fitantanana orinasa madinika amin'ny multiservice eo amin'ny TIC, ny hahafahana manamboatra sy mikojakoja eo amin'ny sehatry ny informatika ary ny webdesigner.

***Aly***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Niandry an'i Dada Ivato na efa maizina aza ny andro

**Natiora Tiku** : mankasitraka re ry Ivato fa tena milay nareo e ! tsy nisy niala na efa maizina aza ny andro!

**Fenohanitra Tianasoa** : misaotra anareo ee, tena ho 1er tour tokoa io dia vitantsika miaraka amin'ny filoha Marc Ravalomanana.

**Zoky Vavy** : mankasitraka e, 1er tour dia vita no tanjontsika.

**Koloina Andrianavonison** : ok, ok, N°25T ihany, hafa ihany Dada sy ny Kaominina Ivato.

**Saholy Nounousse** : milay e! Mankasitraka! 25 ihany!!!

**Annie Francine** : na de hariva be aza vo tonga Dada d tsy niala ny vahoakan'Ivato. Milay e! ary ny olona tonga tao dia olon-dehibe mpifidy avokoa, tena niandry an'i Dada fa tsy mpijery fety.

**Tsi Very** : 1er tour de vita : Morondava, Antsirabe, Ivato, sns…

**Prunette Chanel** : milay be kosa an, tena feno ny kianja Miolaka Mamory Ivato.

**Viviane Ratovoson** : Ivato Tananarive ve io azafady? Zao manko tsy any !!!! Fa tena faly ny vahoka an!!! Misaotra eh !

**Yvette Voahangisoa Rasolofomalala** : fois 100 t@ io ny tany Antsirabe t@ samedi ê, na ny ariary aza tsy nizara izy. 1er tour dia vita.

**Angèle Ranivo** : 1er tour io dia vitantsika.

**Kiady Rakotobe** : tena kandidam-bahoaka marina ny filoha Marc Ravalomanana N°25.

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fihaonan'ny Filoha Marc Ravalomanana tamin'ny mponin'Ivato sy ny manodidina.


















## Isaia 61: 4

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 13 septambra 2018

***Isaia 61: 4** "Koa hatsangana ny efa rava hatry ny fony fahagola, ary hamboarina ny efa lao hatramin'ny fahiny, dia hohavaozina indray ny tanàna rava, Izay efa lao hatramin'ny taranaka lasa ela."*

Mbola tsy tapitra ny tantaran'i Jaona sy ny momba azy. Mazava tsara aminareo izany ry mpihaino sy mpamaky fa misy antony ny fisianao ambany masoandro. Hoy AHO teo aloha : IZAHO Ilay Mpamorona no faly voalohany indrindra raha vao misy zaza mitsaika ka teraka soa aman-tsara ka velona sy miaina amin'ny Teniko amin'ny Heriko ary mahita sy manaja izay nohariako. Tandremo fa tsy misy mahay olombelona ianareo fa asan'ny tanako avokoa ianareo, ***I Mpitoriteny 11: 5***. Ekeo fotsiny hoe IZAHO JEHOVAH no mpanao ny zavatra rehetra. Fantatrao??? Tany an-kibon'i Maria Virjiny JESOSY dia indro efa niteny sy nilaza ny anarany sahady ny anjely, ***Matio 1: 21***, efa voalaza sahady ny asany fa hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotana izany hoe ny fanahy mihitsy no ho sitranina sy ho afahana. Toy izany koa i JAONA, tonga teo amin'i Zakaria ny anjely ka hoy izy, ***Lioka 1: 13-14***. Efa nolazain'ny mpaminany koa izay hiavian'i JAONA sy ny asany ka dia faly ny olona teo ampiandrasana ny fahaterahany, sady efa nofenoina ny Fanahy Masina hatrany an-kibon-dreniny izy mba hahavitany ny asa miandry azy. Izany hoe hamerina amin'ny laoniny izay rava sy potika, ***Lioka 1: 17*** . Ianareo koa, mifalia amin'ny zaza dia ny taranaka omeko anareo fa tsy fantatrareo ny antom-pisian'izy ireny ambonin'ny tany. Hoy ny Teniko, ***Isaia 62: 2-3*** *"Ny firenena hahita ny fahamarinanao, ary ny mpanjaka rehetra hahita ny voninahitrao; dia homena anaram-baovao ianao, Izay hotononin'ny vavan'i Jehovah; Ka dia ho tonga satro-boninahitra eo an-tànany ianao sy satrok'andriana eo am-pelatanan'Andriamanitrao"*. Fantaronareo izao Teniko izao: vao mitsaika ao am-bohoka ny zaza dia efa misy lalana sy hevitra itondrako azy. Izany no antony anomezanareo sy amoronanareo anarana ho azy sahady. Indrindra fa rehefa voafaritra izay lalany ho ahy sy ny fanompoany an'i JESOSY dia omeko anaram-baovao izy, toa an-dry Abrama= Abrahama, Saray=Sarah, Jakoba=Israely. I JAONA izany dia efa voafaritra hatrany am-bohoka koa ny anarany sy ny asany. Ny zavatra rehetra izany dia misy dikany sy heviny avokoa. Efa nambarako taminareo hoe : inona moa ny hevitr'ireo zava-nitranga tamin'i JESOSY. Noforana JESOSY, ***Lioka 2: 21***, noforana koa i JAONA, ***Lioka 1: 59***. Teo amin'ny faha 12 taonany i JESOSY dia nentina niakatra tany Jerosalema, nihaino fampianarana sady nanontany ireo mpampianatra teo an-kianjan'ny Tempoly. Hoy Izy raha nanontanian'ireo ray sy reniny fa nitady azy izy ireo, ***Lioka 2: 49*** *"Nahoana no nitady Ahy ianareo? tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho eto an-tranon'ny Raiko Aho?"*, ***Lioka 2: 52***. Ary JAONA nitombo saina sy tena ary nandroso fitia teo anatrehako JEHOVAH sy ny olona. Nataon'i JAONA Batisan'ny Rano i JESOSY, ***Matio 3: 13-17***. Teo no nilazako sy nanaporofoako tamin'izay nanatrika teo fa IZY dia ZANAKO nampidinina avy aty andanitra. Nanaiky natao Batisan'ny Rano IZY na dia tsy mpanota aza. Hoy IZY tamin'i JAONA fa izy tsy nety nanao Batisa AZY, ***Matio 3: 15*** *"Ekeo ihany ankehitriny, fa izao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. Ka dia nekeny Izy"*. Vita ny Batisany dia nanomboka ny asany i JESOSY. Ny momba an'i JAONA koa dia zava-miafina, raha tsy izany tsy toy izao ianareo. Rehefa 12 taona koa i JAONA dia toy izao ny zava-nisy, ***Lioka 1: 80***. Rehefa 12 taona i JAONA dia nentin'ny Fanahy Masina nankany an'efitra ka nipetraka irery tany izy, nampianarin'ny FANAHY MASINA ny FAHAMARINANA sy nanambarana ny asany mba hamonjena ny olona hiverina AMIKO. Nampahafantarina azy ny momba ny FANJAKAN'NY LANITRA. Ny anjara toriteniny, ny fampianarany ny amin'ny FIBEBAHANA no hahatanteraka izany TENY FIKASANA izany. JAONA koa dia natao Batisan'ny Rano fa raha tsy izany tsy vitany io ASA fanaovam-Batisan'ny Rano ny olona io, io asa fampiekena heloka io dia ny Batisan'ny Fibebahana mba handraisana famelan-keloka izany. Tsy dia mba nisy loatra ny filazana ny momba an'i JAONA. Rehefa feno 21 taona i JAONA dia nentin'ny Fanahy Masina tao anatin'ny ranon'i Jordana. JESOSY kosa dia 3 andro tao am-pasana. Nalevina tao anaty rano i JAONA nandritran'ny 3 andro, anjely no niandry azy tao, anjely koa no niandry ny fasan'i JESOSY. Raha tao anaty rano i JAONA dia natory nitsotra toy ireny efa maty ireny ny nofony fa ny fanahiny kosa nakarina taty ambony nampahafantarina ny asa miandry azy, ny anjara asany sy ny an'i JESOSY. Izany no nahalalany hoe, ***Lioka 3: 16***, ny ahy Batisan'ny Rano ihany fa Ilay ho avy ao aoriako no Mahery noho izaho, IZY no hanao Batisan'ny Famelan-keloka sy ny Fanahy Masina ary ny Afo, ary mbola hanavaka ny vary sy ny tsiparifary, ***Matio 3: 12***. Rehefa feno 3 andro tao ampasana i JESOSY dia nitsangana tamin'ny maty ary nankaty an-danitra nanomana toerana ho an'ireo voavonjy fa i JAONA indray rehefa feno 3 andro tao anaty rano fa ny rano dia tandindon'ny fasana dia natsangan'ilay anjely, niandry azy izy ary tsy niakatra toa an'i JESOSY izy fa navoaka teo amin'ny tany ihany hanomboka ny asa ka hoy izy, vakio ***Lioka 3: 3-6***

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook :
Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## ANDRO MANERAN-TANIN'NY FANADIOVANA

# Nandray anjara ny CUA

Ny Sabotsy 15 Septambra 2018 dia nankalaza ny andro maneran-tany ho an'ny Fanadiovana koa ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), tamin'ny alalan'ny fikarakarana hetsika manokana tamin'ny fanadiovana ny tanàna, izay nanomboka teny Ampefiloha, Anosy, Ambohidahy sy teny amin'ny faritry ny lalamby Anosibe. Nahatsapa ny maha zava-dehibe ny fanadiovana ny tanàna ireo avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany, ka izay no nahatonga azy ireo nanetsika ireo rantsamangaika teny anivon'ireo Fokontany 44 izay mandrafitra ity Boriboritany Voalohany ity. Amin'ny maha andro maneran-tany ho an'ny fanadiovana azy dia teo ihany koa ny fanampian'ireo orinasa lehibe toy ny STAR, Eau Vive ary ny « JICA Groupe » sy ny « Jeune Chambre International »… Efa anisan'ny asa mahazatra sy efa fanaon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ny asa fanadiovana toy izao, fa amin'ny maha andro maneran-tany ny 15 Septambra dia niara-nientana avokoa izy ireo tamin'izany mba ho fanentanana ny mponina hanaja ny fahadiovana sy tsy handoto tanàna satria tokoa mantsy rehefa tsy mandoto dia efa anisan'ny manadio. Ny fanadiovana ny tanàna eto anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia mbola mitohy hatrany satria Antananarivo madio sy milamina no tanjona hoy Andriamatoa Rakotonirina Maminiaina, lehiben'ny sampandraharaha ao amin'ny Boriboritany voalohany, izay nitarika ny mpanadio avy amin'ny CUA.



*Ny sasany amin'ireo nanao fanadiovana nandritra ny andro eran-tanin'ny fanadiovana ny sabotsy teo.*

***Aly***

## Filoha Ravalomanana

# Niatrika fiaraha-miombom-bavaka roa tany Antsirabe

Fotoam-pivavahana roa sosona no natrehin'ny Filohan'ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM) sady filohan'ny komitin'ny jobily faha-50 taonan'ny FJKM tao Antsirabe ny sabotsy lasa teo. Ny voalohany dia ny maraina, tao amin'ny Katedraly FLM, Antapontanàna, nialohan'ny fihaonany tamin'ny mponin' Antsirabe teo amin'ny Tsangambato eo amin' ny "Avenue de l'Indépendance", ary ny faharoa dia teny amin'ny Kianjan'ny Kaominina Vinaninkarena ny tolakandro. Ny tao amin'ny Katedraly FLM dia fitondrana am-bavaka ny faha-15 taonan'ny fikambanan' ny vehivavy TIM, "Reny Miavotra" ka ny teny fanevan'ny fikambanana dia : "Omeo vehivavy hendry aho hanorenako firenena vanona". Nanome voninahitra izany fotoana izany ny filohan'ny antoko TIM sy Ramatoa Ravalomanana Lalao. Ny toriteny izay nentin'ny Pastora Razafindrafito Christian ary nampifandraisiny tamin'ny Faneva dia ny ao amin'ny Ohabolana 14: 1 "Ny vehivavy hendry dia samy manao ny tranony; fa ny adala kosa mandrava ny tranony amin' ny tànany."
Niompana indrindra tamin'ny andraikitry ny vehivavy eo amin'ny ankohonana, ny farahamonina sy ny firenena ny toriteny. Tsy misy tokantrano vanona raha tsy ny vehivavy no mandray andraikitra. Olana maro ny olana atrehin'ny vehivavy amin'izao fotoana izao kanefa raha manam-pinoana izy, mangataka fahendrena ary manankina ny fiainany amin'i Jesosy dia omen' Andriamanitra fiadanana ara-panahy sy ara-tsaina satria tiany.
Nanao ny tantara fohy momba ny "Reny Miavotra" ny Filohany ary namelabelatra ireo asa nataony nandritra ny dimy ambinifolo taona ary namariparitra ireo tanjona kendren'ny fikambanana. Nisaotra an-dRamatoa Ravalomanana Lalao izay Filoham-boninahitry ny fikambanana ny mpitondra teny noho ireo fanampiana nomeny.
Taorian'ny fandraisampitenenan'ny Filohan'ny Antoko TIM, Ravalomanana Marc, dia nitsodrano azy ny Pastora Ratolojanahary, Filohan' ny Synodam-Paritany Avaratr'i Mania, mba hanavotra ny Firenena satria maro ny Malagasy no tojo fahasahiranana, ka ho tapitra hatreo ny fahantrana. Ny teny ao amin'ny Soratra Masina entiny nitsodrano azy mivady dia ao amin'ny Isaïa 41: 10 "Aza matahotra ianao, fa momba anao Aho; Ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; mampahery anao Aho sady mamonjy anao; Eny, mitantana anao amin'ny tànana ankavanan'ny fahamarinako Aho."
Ny teny amin'ny Kianjan'ny Kaominina Vinaninkarena kosa dia Zaikabe faha-45-n'ny Vokovokomanga Loterana (VLM) sy ny Kritiana Tanora Loterana ao anatin'ny Synodam-Paritany Avaratr'i Mania nanomboka ny 11 Septambra ka hatramin'ny 16 Septambra 2018. Nandray fitenenana tao Ramatoa Ravlomanana Lalao sy Andriamatoa Ravalomanana Marc satria miaramiasa amin'ny Fiangonana manerana an'i Madagasikara hatrany izy ireo. Nanambara ny filoha Ravalomanana Marc fa ataon'Andriamanitra fitaovana hamonjy ny Firenena izy ary manaiky atao fitaovana. Nialohan'ny naomezan' ny Filohan'ny Synodam-Paritany Avaratr'i Mania, Pastora Ratolojanahary, tsodrano azy mivady dia nanentana ny kristiana izy handeha hifidy; ary hifidy olona manam-pinoana sy matahotra an'Andriamanitra.

***Andry Tsiavalona***

LOZAM-PIFAMOIVOIZANA 2 SAMIHAFA

## Nahafatesana olona 2 sy naharatrana 36

Voaporofo ny voalazan'ny avy eo anivon'ny mpitandro filaminana sy ny sampandraharaham-paritry ny fitaterana eto Vakinankaratra, fa tena mbola tsy mitsahatra sy mateti-pitranga ny loza amin'ny Rn-7. Isan'izany ny niseho tany Ambatolampy, izay fiara roa samihafa no niharan-doza ary io nahafaty olona roa sy naharatrana 36 io. Loza voalohany niseho ny tao Talakimaso Ambatolampy. Fiara Sprinter iray mpitatitra avy any Fianarantsoa hihazo an'i Mahajanga no nisongona fiara tsy matahodàlana iray. Tsy tafasongona akory anefa izy dia nisy fiara vaventy iray nipoitra avy any avaratra. niala an'iny tsy hifandona ny mpamily, ka nivoaka ny arabe ny fiara ary nivadika. Olona iray no maty tamin'io. Mbola tamin'izay ihany, fa tao Naolana Behenjy indray, dia nitovitovy tamin'io ihany koa, fa ity indray dia fiara itony Tata mpitatitra itony no nivadika. Avy any Ambovombe Androy kosa indray io fiara io hihazo koa an'i Mahajanga. Nivoaka ny arabe io fiara io no nivadika ka nahafaty olona iray hafa. Raha ny fantatra hatreto aloha, dia 36 no naratra tamin'ireo loza 2 samihafa niseho ireo ary ny 6 no tsy maintsy nalefa haingana tany Antananarivo vokatry ny ratra mafy nahazo azy ireo. Vokatry ny fandehanana mafy avokoa no antony nisehoan'ireo loza roa ireo, ary nomarihan'ireo tompon'andraikitra nanome ny loharanom-baovao fa na dia fiara mpitatitra mampitohy làlana sy mitondra olona amin'ny làlana anjatony kilometatra aza ireo fiara ireo, dia tsy mba nisy amin'ireo fiara roa niharan-doza ireo no mba nisy mpamily mpanampy akory.

***Solohery***

Lozam-pifamoivoizana

## Potika ny lohan'ilay rangahy voahitsaky ny fiara

Tsy voafehy ny lozam-pifamoivcoizana eto Antsirabe sy ny manodidina, indrindra fa amin'iny lalam-pirenena faha 7 iny. Saika isehoan'ny lozam-pifamoivoizna hatrany mantsy eto Antsirabe tato ho ato, izay raha tsy hilaza ny tao Atsimontsena ny herinandro teo. Lehilahy iray tokony ho 30 taona eo no niharan'izany ary maty tsy tra-drano sy nipotsaka ny atidohany. Raha ny fanazavana nomen'ireo nanatri-maso ny loza, dia tsy nampoizin'ny rehetra fa tampoka loatra no nanitsahan'ilay kamiao ilay rangahy. Itony fiara vaventy mpitatitra vato itony rahateo io, izay nizotra mora nianatsimo. Ilay rangahy, izay nambaran'ny olona fa tsy dia salama saina loatra kosa, dia nipetraka teo amoron-dàlana toy ny fanao mahazatra azy. Rehefa nandalo nanandrify azy ilay fiara, dia niditra tany ambanin'ilay fiara tampoka izy ary ny lohany mihitsy no nanandrify ny kodiarana. Fipoahana vokatry ny lohany voahitsaka no ren'ny nanodidina teo, ary rehefa nojerena dia ilay rangahy efa mitsirara sy fisaka ny lohany no hitan'ny rehetra teo. Tsy nisy azo natao fa nitsipaka fotoana fohy dia tapitra ny ainy. Olana amin'io toerana nisehoan'ny loza io ny fahateren'ny làlana satria feno posy sarety mijanona eny amin'ny sisindàlana rehetra eny. Tsy mbola fantatra hatramin'ny nanoratana izay fianakavian'io lehilahy maty voahitsaky ny kamiao io, ka dia naterina eny amin'ny tranom-paty aloha ny razana taorian'ny fijerena ny zavanisy nataon'ny polisy sy ny avy eo anivon'ny BMH Antsirabe.

***Solohery***

Ambatondrazaka

## Hentitra ny fanaraha-maso ny fananganana trano tsy ara-dalàna

Tsy handefitra amin'ireo olona manao gaboraraka eo amin'ny fananganana trano na tamboho tsy ara-dalàna ny kaominina hoy ny Ben'ny tanànan'Ambatondrazaka, Rafidimanana Louis Felicité. Nambarany fa misy amin'ny sefo fokontany sasany no manaonao foana indraindray ka manome lot-trano ho an'ny olona ao aminy, izay tsy azo atao velively. Eo ihany koa ny fananganan'ny olona sasany ny tambohony any anaty tatatra izay mahatonga ny tondra-drano rehefa vanimpotoanan'ny fahavaratra. Tsy azo ekena izany hoy ny Ben'ny tanàna Rafidimanana Louis Felicité. Hisy ny fidinana ifotony izay hataon'ireo tompon'andraikitra avy eny anivon'ny kaominina ato ho ato hoy izy hijery manokana ireny tranga ireny. Isan'ny mampitaraina ny mponina sasany ihany koa ny famefena ny lalana izay tokony hifamezivezena, hany ka



*Ny ben'ny tanànan'Ambatondrazaka.*

na dia ny hisisihana aza tsy misy ho an'ireo trano izay tafalatsaka any ampovoan-tanàna. Tsy maintsy handraisana fepetra ireny hoy ihany ny Ben'ny tanànan' Ambatondrazaka renivohitra. Nanentana ny vahoaka izy araka izany mba hanaraka sy hanaja hatrany ny lalàna mba tsy hisian'ny olana eny anivon'ny fiaraha-monina. Mikasika ny fahadiovana dia nambarany fa ho hentitra ny fanarahamaso ny ao an-tsenan' Ambatondrazaka ao, indrindra fa ireo izay zatra ny manary rano maloto eny amin'ny lalambe.

***Raoul***

## Tafakatra 90% ny taham-pahafahana fanadinana BEPC

Nivoaka ny faran'ny herinandro lasa teo ny valim-panadinana B.E.P.C ho an'ny fari-piadidiam-pampianarana Ambatondrazaka. Fantatra fa tafakatra 90% ny taham-pahafana tamin'io fanadinam-panjakana io ho an'ny fari-piadidim-pampianarana Ambatondrazaka. Nahitana fiakarana ambony dia ambony tokoa io raha nampitahaina tamin'ny taona lasa hoy ny Talem-paritry ny fampianarana Alaotra Mangoro Ratovotahaka Miandravola. Ny fanan' ny herinandro teo ihany koa no nivoaka ny an'ny fari-piadidiam-pampianarana Anosibe An'Ala ka nihodidina ny 50% ny taham-pahafahana tany an-toerana. Na teo aza araka izany ny fitokonana lavareny nataon'ny mpanabe dia hita ho niakatra ny taham-pahafahana ho an'ny mpianatra taty Ambatondrazaka. Andrasan'ny rehetra kosa hatreto izay ho vokapanadinana baccalauréat izay nanomboka omaly 17 septambra 2018.

***Raoul***

Bakalorea 2018

## Voahilika ankolaka ireo jamba 9 mianadahy

Raha tsy misy ny fahasamponana amin'ny ora farany eo amin'ireo mpiadina dia tanora jamba 9 mianadahy no hiatrika ny fanadinam-panjakana bakalaorea amin'ity taom-pianarana ity. Avy ao antampon-tananan'Antsirabe ny 3 mirahalahy amin'izy ireo raha toa ka avy ao Antananarivo saingy hiatrika ny adina ao Antsirabe kosa ny 3. Avy ao Ambositra ny fahafito ary samy avy ao Farafangana ny 2 mianadahy sisa. Raha ny tokony ho izy dia ora sy fotoana mitovy, laza adina mitovy sy voadikan'ny Minisitera tompon'andraikitra mialoha amin'ny soratra braille no atrehin'ny mpiadina jamba. Miteraka filana olona sy fitaovana ary lamina manokana izay mampitebiteby ary tena mampisavorita-tsaina mpiadina mihitsy ny tsy fahatontosan'ny fandikana mialoha ny laza adina amin'ny soratra braille. Fantatra, araka ny voalazan'Andriamatoa Haingo Ratobimiarana, Mpandrindra ny Tetikasa Voatra Asa tantanin'ny Fédération des Associations des Aveugles de Madagascar, fa sady miandry ny fanadinana ireto tanora jamba no mitaintain-dava toa sahobakaka ambodiriana. Sao mantsy ho voailika ankolaka tsy hanatontosa ny fanadinana, toa ny tamin'ny taondasa eo indray. Tsiahivina mantsy fa raha toa ka efa mba nanao ezaka handika mialoha ny laza adina ho amin'ny soratra braille tamin'ny fanadinana CEPE sy BEPC ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena tato anatin'ny taona vitsivitsy, dia tena tsy toa izany velively kosa ny ao amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony hatramin'izay. Saika tsy afaka niatrika ny fanadinana bakalaorea ny tanora 4 mianadahy tao Ambositra tamin'ny taon-dasa raha tsy ny solontenan'ny Fivondronamben'ny fikambanan'ny olona jamba tao Antsirabe no tonga tsy nantsoina nefa nosamborina tamin'ny ora farany, nisahana izany tany an-toerana. Dia fantatra indray izao, araka ny resaka nampitain'ireto mpitondra tenin'ny olona jamba raha izy nifampiresaka tamin'ny tompon'andraikitry ny fanadinana bakalaorea tao Fianarantsoa, fa tsy mbola hisy amin'ity. Sady tsy nisy mihitsy mba fampitambaovao ho an'ireo mpiadina na ireo fikambanana izay mba afaka miahy azy ireo ny momba izany. Raha tsorina dia tena tsy nisy na dia kely akory aza ezaka avy amin'ny Minisitera misahana ity fanadinam-panjakana ity hisahana ny fandikana mialoha ny laza adina. Dia mbola hisambotra olona ampotomoto indray ve nefa na dia ny anjara volan'ny mpanatanteraka asa mandritra ny fanadinana (vacation) azon'iretsy nisahana ny asa fandikana tamin'ny taon-dasa aza ange ka antsasaky ny azon'ireo voatondro no mba azony e ! Izy anefa sady avy any an-toeran-kafa no sady nantsoina maika. Dia hiaina fanilihana eny hatrany ve izy sy izay mba afaka miahy azy nefa toa dradraina ity ny « Education Inclusive » ary amporisihina ireto sokajin'olona miaina anaty fahajambana sy fahasembanana ireto mba hihoitra sy hitondra ny vitany hananany fahaleovantena ! Tsy fanomezan-tsiny be fahatany ireo tompon'andraiki-panjakana akory fa raha toa ka tsy fantatra na tsy mbola voafehy na tsy ananan'ireo tompon'andrikitra traikefa ny tontolon'ny fampianarana ireo olona jamba dia tokony hiantso mba hahafahana mifampidinika. Tsy dia eken'ny sain'ireo mpitantana eo anivon'ity fivondronamben'ny fikambanan'ny olona jamba ireto ity ny fanadinoana ireo vitsy an'isa nefa manana filana manokana tahaka azy. Natao hotanterahina ihany koa fa tsy haingom-birao fotsiny ny fifanarahana Iraisam-pirenena momba ny zon'ny olona manana fahasembanana izay milaza ao amin'ny andininy 24 momba ny fanabeazana fa « ny olona manana fahasembanana dia manana zo hianatra sy hahazo fanabeazana araka izay tratrany mandritry ny androm-piainany. Araka izany dia andraikitry ny fanjakana ny : miaro azy tsy ho voailika.

***Lezama***

### Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina momba ny lozam-pifamoivoizana nitranga tany Antanifotsy ny alahady teo.

1) Miara-mitondra am-bavaka ny fitsaboana atao amin'ny Mpitandrina Tiana Alisoa Ranaivoniarivo mivady (FJKM Atsimon'i Mahamasina) sy ireo niara-dia taminy (Pasteur SOJA Arthur - Prezidà synodaly Ambovombe Atsimo Kristy Ranovelona, M. Fetra Ravoajanahary) isika, niharan'ny lozam-pifamoivozana teo akaikin'Antanifotsy (RN7) ny alahady 16 sept 2018 maraina. Efa nahatsiaro tena izy ireo tonga tao amin'ny HJRA ny antoandro ary mbola ao amin'izao fotoana, afatsy i Neny (vadin'ny Mpitandrina Tiana Alisoa) izay isaorana ny TOMPO fa efa afaka nody ny alahady hariva ihany.

2) Mankahery ny fianakavian'ny Raiamandreny Raobena RAMALANJAONA (Filohan'ny AFF FJKM Atsimon'i Mahamasina sady Filoha Mpanampy JKM Foibe), izay namoy ny ainy tamin'io loza io: ny talata 18 sept no handrasana ao @ FJKM Atsimon'i Mahamasina ny razana ary ny alarobia 19 sept @ 7 ora maraina ny fanompoam-pivavahana fisaorana an'Andriamanitra sy fampaherezana ny fianakaviana mialoha ny fandevenana any Arivonimamo.

3) Tsy adino ny mitondra am-bavaka ireo naratra tanatin'ny fiara hafa.

Ny fotoana toy izao no hampijoroantsika hatrany ny finoana ary hijoroana amin'ny maha Kristianina amin'ny trangan-javatra rehetra.

***Ny Tsantan'i Mahamasina***

Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11 505 44 ; 033 24 783 65

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**15/09/18 hatramin'ny 22/09/18**

- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **TSARAMASAY** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11/033 28 693 88
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy (près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/ 020 22 545 59/ 034 07 545 58

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 815-09-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ANTSIRABE**

# Tsy adinon'ny mponina ny fampandrosoana vitan'i Dada

Antsirabe no anisan'ireo tanàn-dehibe eto Madagasikara izay tena mandroso tokoa eo amin'ny sehatra rehetra nandritra ny fito taona (2002-2009) nitondran'ny kandidà Ravalomanana Marc, laharana faha-25 ao amin'ny biletà tokana. Ny Ben'ny tanàna tamin'izany fotoana izany, Ramalason Olga, no fanoitra tamin'ny fanatanterahana izany famapandrosoana izany, ka maro ny fotodrafitrasa namboarina na natsaraina. Raha ny làlana no resahina dia misongadina ireto manaraka ireto :

- Ny làlam-pirenena faha-fito (RN7), miala eny Vatofotsy (izay nohalebiazina hatreo amin'ny Lycée Resampa André) hatrany Mandaniresaka vita tara;
- Ny "Avenue de l'Indépendance" miala eo amin'ny garan-damasinina mandra-pahatonga eny amin'ny « Hôtel des Thèrmes », miampy ireo seza vato eny anelanelan'ny voninkazo ;



- Ireo làlana manodidina ny tsenakely;
- Ny làlana mihazo an'Andranomafana mipaka ao Avaratsena Asabotsy;
- Ireo làlana manodidina ny Tsena Asabotsy;
- Ny làlana mihazo an'i Mahazoarivo vita tara sy ireo làlan-kely vita rarivato (pavés) ao amin'ity faribohitra ity;
- Ny làlana mandeha any amin'ny Ranovisy miala ao amin'ny fiantsonan'ny taksibrosy FIFIMAVA izay vita rarivato
- Sns…

Simba, feno lavaka (nids de poule) ny ankamaroan'ireo làlana ireo ary totofana vato kely ireny lavaka ireny tato anatin'ny roa vola izao.

Ny fotodrafitrasa naorina tamin'izany fotoana izany ihany ny CSB II eo Atsinanantsena Asabotsy, akaikin'ny Hopitaly Atsimo, dia azo lazaina fa mbola voakojakoja tsara. Nasiana fanamboarana ihany koa ny Tanompokonolona tamin'izany fotoana izany ary seza voarafitra tsara tokoa no napetraka tao saingy na potika na nalaina tao dia tsy naverina intsony amin'izao fotoana izao. Fanirin'ny mponina ao Antsirabe ny hamerenana ireo fotodrafitrasa ireo amin'ny toetrany tany amin'ny folo taona lasa. Manizingizina ny mponina fa ny kandida laharana faha-25 ihany no hahavita izany satria nanangana ary mbola hanangana izy fa tsy mpandrava.

***Andry Tsiavalona***

Mpianatra taona voalohany amin'ny serasera

# Liana amin'ny sehatr'asa serasera amin'ny rafi-panjakana

Tsy vao sambany no manatanteraka fitsidihana miaro fandrantoana fianarana eto anivon'ny sampandraharahan'ny seraseran'ny Faritra Vakinankaratra ny Mpianatra avy ao amin'ny Université privé GSI ao Antananarivo. Ny andron'ny talata teo izy ireo no tonga teto anivon'ny Faritra. Nandray azy ireo tamin'izany ny Lehiben'ny sampandraharahan'ny serasera ramatoa Princia Ramananarivo. Nohazavaina tamin'ireto mpianatra ireto ny tanjon'ny sampandraharahan'ny serasera izay mivoy sy manamafy ny tamberin'andraikitra sy ny mangarahara, ary tsy latsa-danja tamin'izany ireo antsipirihan'ny « iraka » na ny « andraikitry » ny sampandraharahan'ny serasera, indrindra fa amin'ny rafi-panjakana tahaka izao. Liana ireo tanora, ary hita taratra sahady fa vonona izy ireo hiatrika asa atsy ho atsy. Ny fitsidihana miaro fandrantoam-pahalalana tahaka izao dia manampy ny tanora aratoe-tsaina amin'ny hiatrehany ny tontolon'ny asa miandry azy atsy ho atsy. Ny eo anivon'ny sampandraharahan'ny serasera rahateo nanazava sy nifampizara ny asa sy ny traikefany tamin'ireto zandry ho avin'ny sehatry ny serasera ireto. Hijanona hatramin'ny andron'ny sabotsy eto Antsirabe ireto mpianatra ireto ary efa feno dia feno ny fandaharam-potoanany amin'ny fitsidihana maro samihafa.


***Lezama***




BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 252**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0251)

***Mitsivalana***


- Havanana
- Alina – Os(y)
- Nanenina
- Tsaho
- Tale (Miv)
- No
- Alarobia

***Mitsangana***

- Handeha
- Ala
- Vintana
- Tsena (Miv)
- Nana – Zo
- Ahy (Miv)
- Nono – Ny
- Asa – Boa

## TENY MIFANARAKA

**N° 252**




**Mitsivalana**

**1.** Olon-tianay **2.** Taova (Miv) – Tolorana **3.** Kisoa dia – Tsirin-teny Iharana **4.** Tapaka **5.** Rava – Tapitra (Miv) **6.** Kianja (Miv) – Ao amin'ny basy **7.** Kosa – Marika – Mamarana ny hiranay **8.** Hekitara (Miv) – Endrika (Miv) – Efatra romana **9.** Mpanolotra – Feo miverina **10.** Anarana tanàna.

**Mitsangana**

**A.** Potraka **B.** Tao – Mibango volo (Miv) **D.** Olona roa mitovy – Maneho naoty tsara **E.** Avo tsy takatra – Aiza ? **F.** Aro tongotra (Miv) **G.** Haja sy voninahitra – Aretina azo amin'ny firaisana **H.** Aminy – Foto-tenin'ny mibaby (Miv) **I.** Tsy aloha fa aoriana handatsa – Zanak'i Dada **J.** Vizana – Raisiko **K.** Eka – Karazana ovy (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0251

**Mitsivalana**

1 Hitranga 2. II - Nao 3. Ilaozana 4. Nandidy - Rà 5. Voanio (Miv) 6. Nao (Miv) - Antoka 7. Fia - Havia (Miv) 8. Re - Vy (Miv) - Aho (Miv) 9. Arina - (V)aky 10. Tianay (Miv) - (R)a(n)e(n)y

**Mitsangana**

A. Haingo - Ray B. La - Afera D. Tranony - In E. Ody - Aina F. Aizina - Vay G. Niadana H. Niaty I. Ana - Voveka J. Kahie K. Lahasaha

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Ravalomanana nihaona tamin'ny vahoakan'ny Vakinankaratra.



















**Fanambarana avy amin'ny Fikambanana Ravalomanana-USA**

Izahay Malagasy monina eto Etazonia izay miray ao anatin'ny fikambanana Ravalomanana-USA dia manambara amin'ny fomba ofisialy ny fanohananay tsy misy fepetra **ny kandida Marc Ravalomanana, kandida mitondra ny laharana faha-25**, ho filohan'ny Repoblikan'ny Madagasikara amin'ny fifidianana 7 Novambra ho avy izao.

Miray feo ary mitovy vina amin'ny kandida Marc Ravalomanana izahay ny amin'ny hananganana indray ireo rava mba hananantsika firenena vanona.

Amboarina indray ny lalantsika

Homba antsika Andriamanitra.

Natao teto Washington, DC ny faha-15 Septambra 2018

Manao sonia
Ny mpikambanana rehetra ao amin'ny Ravalomanana-USA